



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

Tonga soa eto amin'ny Fihaonambe

Misaotra anareo ry rabalahy sy rahavavy, nobo ny finoana sy ny fanoloran-tenanareo ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Tena tsara tokoa Rahalahy sy Rahavavy ny miara-mifankahita indray. Ity fihaonambe ity no manamarika ny 180 taona nitsanganan'ny Fiangonana. Tena feno fankasitrahana isika amin'ny Mpaminany Joseph Smith, izay nikatsaka ny fahamarinana, ary nahita izany, teo ambany fitarihan'ny Tompo, ary namerina indray tamin'ny laoniny ny filazantsara sy nanangana ny Fiangonana.

Niroborobo hatrany ny Fiangonana hatramin'io andro tamin'ny taona 1830 io. Nanohy hatrany nanova ny fiainan'ireo olona maro izany isan-taona ary miparitaka manerana ny tany vokatry ny ezak'ireo misiônera izay mikaroka an'ireo izay mitady ny fahamarinana. Mamerina miantso ny mpikambanan'ny Fiangonana indray izahay mba hanatona ireo izay vao niova fo na ireo niverina ato am-piangonana, mba hanodidina azy ireny amin'ny fitiavana ary hanampy azy ireny hahatsapa fa ao an-trano izy ireo.

Misaotra anareo ry rahalahy sy rahavavy, nobo ny finoana sy ny fanoloran-tenanareo ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Misaotra amin'izay rehetra nataonareo tao amin'ny paroasy sy ny

sampana, ny tsatòka sy ny distrika misy anareo. Nanompo an-tsitrabo sy tsara ianareo ary nahatontosa ny tsara indrindra. Ny Tompo anie hitahy anareo amin'ny fiezahanareo manaraka Azy sy ny fankatoavana ny Didiny.


Hatramin'ny fotoana farany nihao-nantsika, dia nanohy hatrany nanome tanana ny Fiangonana tamin'ny asa fanampiana tany amin'ireo toerana maro isan-karazany manerana an'izao tontolo izao. Tào anatin'ny telo volana lasa monja, dia nisy fanampiana natolotra tany Polynésie Française, Mongolie,

Bolivie, Pérou, Arizona, Mexique, Portugal sy Ouganda, ankoatra ny faritra hafa. Vao tsy ela akory izay, dia nitondra fanampiana tany Haiti sy Chili isika noho ny horohorontany sy tafofodranomasina mahery sy avo. Maneho ny fitiavanay ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nijaly tamin'io loza io izahay. Ao anatin'ny vavaka ataonay ianareo. Maneho fankasitrahana lalina ho anareo rehetra izay nanampy an-tsitrabo tamin'izany ezaka fanampiana izany izahay, izay nizaranareo ny fanananareo ary indrindra ny fotoanareo, ny talentanareo ary ny fahaizamanaonareo.

Ity taona ity dia manamarika ny faha-25 taonan'ny Fandaharan'asa fanampiana olona izay lasa anisan'ny ezaka ataontsika eo amin'ny Fifanampiana. Ny isan'ireo olona nampian'ity fandaharan'asa ity dia tsy ho voaisa mihitsy. Hiezaka hatrany isika ho isan'ireo voalohany mandray anjara amin'ny loza tahaka ireny, na aiza na aiza hitrangan'izany.

Ny Fiangonana dia miroborobo sy mandroso hatrany. Ny fananganana tempoly dia mampiseho izany firoboroboana izany. Vao tsy ela akory no nanambaranay ny tempoly vaovao hatsangana ao Payson, Utah. Nanambara ihany koa izahay ny fanavaozana goavana hatao amin'ny Tempolin'i Ogden Utah. Ao anatin'ny telo volana manaraka dia hanokana tempoly vaovao ao Vancouver, Colombie Britanique; ao Gila Valley, Arizona; ary ao Cebu City any Philippines izahay. Any amin'ny faramparan'ny taona dia hisy tempoly hafa izay hotokanana na haverina hotokanana. Hanohy hanangana tempoly manerana an'izao tontolo izao isika rehefa miroborobo ny mpikambana. Isan-taona dia an-tapitrisany ireo ôrdônansy tanterahina ho an'ireo olontiana efa nodimandry. Enga anie isika ho mahatoky hatrany amin'ny fanatanterahana ny ôrdônansy ho an'ireo izay tsy afaka manatanteraka izany ho an'ny tenany.

Maro aminareo no efa nahafantatra fa fotoana fohy taorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny volana Ôktôbra lasa, dia tra-pahavoazana noho ny fianjerana izay nitarika ny fahatapahan'ny valahiny sy ny sorony i Frances vady malalako. Taorian'ny






fandidiana roa nahomby sy ny fampidiana azy tany amin'ny hôpitaly nandritra ny herinandro maro, dia afaka nody tany an-trano izy. Mihatsara izy ary mitohy izany fihatsarany izany hatrany amin'ny fahasitranana tanteraka. Afaka namonjy ny Fivoriamben'ny Zatovovavy Maneran-tany tamin'ny Asabotsy lasa teo izy ary maniry ny hanatrika fivoriana iray na roa amin'ity faran'ny herinandro ity. Raha ny marina tamin'ny minitra farany dia niteny izy hoe "Handeha aho anio!" Ary dia io izy! Miray fo amiko izy amin'ny fanehoana fankasitrahana ny Raintsika any andanitra sy aminareo rehetra noho ny vavaka nataonareo sy ny firarian-tsoa mba ho sitrana nataonareo azy.

Ankehitriny, ry rahalahy sy anabavy dia tonga eto isika handray fampianarana sy fitaomam-panahy. Miarahaba anareo izay vaovao ato amin'ny Fiangonana izahay. Ny sasany aminareo dia sahirana amin'ny olana, amin'ny fanamby, amin'ny fahadisoam-panantenana, amin'ny fahaverezana. Tia anareo izahay ary mivavaka ho anareo. Hafatra maro ahitana ireo karazana lohahevitra ara-pilazantsara maro, no hatolotra mandritra ny roa andro. Ireo lehilahy sy vehivavy izay hiteny aminareo dia nikatsaka ny fanampian'ny lanitra momba ny hafatra izay homen'izy ireo.

Mivavaka aho mba ho feno ny Fana-hiny isika eo am-pihainoana sy eo ampandraisana fampianarana. Izany no vavaka ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika, amena. ■



Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Herin'ny Fisoronana

Tsy manana ny tanjaka izay tokony bananany ny fisoronana ary tsy banana izany raba tsy tafaorina mafy tsara ao amin'ireo fianakaviana ny herin'ny fisoronana

Hiresaka amin'ireo raimpianakaviana aho ary ireo fianakaviana na aiza na aiza misy azy ato amin'ny Fiangonana.

Taona maro lasa izay, nanomboka ny fivoriana fifanaovana tatitra teo ambany fitarihan'ny Filoha Harold B. Lee izahay. Tamin'izany fotoana izany dia nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ankehitriny isika dia milasy hanohitra ireo karazana ota, sy faharatsiana, ary fahalotoana marobe indrindra hatrizay, izay miangona eo anoloan'ny masontsika. . . . Ilay tetik'adintsika hamonjena ny fanahin'olombelona dia tsy antsika. [Tonga avy amin'ny] fitaomam-panahy sy fanambarana avy amin'ny Tompo izany."¹

Nandritra izany taona maro nanaovana fivoriana fifanaovana tatitra izany dia novaina tanteraka ny fomba firafitry ny Fiangonana. Naverina narindra ny fandaharam-pampianarana manontolo. Naverina nofaritana ny tanjona sy ny fifandraisan'ny vondrona tsirairay. Ilay teny manan-danja nandritr'ireo taona fifanaovana tatitra sy fanavaozana ny rafitra ireo dia hoe *fisoronana*.

Niresaka momba an'i Gideona, mahery fo iray tao amin'ny Testamenta Taloha koa ny Filoha Monson. Voafidy hitarika ny tafik'i Israely i Gideona,

izay an'arivony maro sy matanjaka. Kanefa tao anatin'izy rehetra dia lehilahy 300 ihany no nofidiny.

Nanana fomba hafakely nifantenana ireo izay horaisiny i Gideona. Rehefa misotro rano eo amin'ny renirano ireo lehilahy, dia ny ankamaroan'izy ireo, dia "nandohalika . . . hisotro rano." Handalovany fotsiny ireo. Ny sasantsany kosa nandroaka ny rano tamin'ny tanany ary nisotro izany, no sady mitotra ho malina hatrany. Ireo no voafidy.²

Miaina ao anatin'ny andro ahitana "ady, tabataban' ady ary horohorontany any amin'ny toerana samihafa"³ isika. Araky ny efa naminaniana, dia "ao anaty korontana ny tany manontolo,"⁴ ary "mivezivezy eran-tany i Satana."⁵ Mikatsaka ny hanapotika izay rehetra tsara sy marina izy.⁶ Izy no Losifera izay noroahina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra.⁷ Eo anatrehan'izany rehetra izany isika dia manana fahatsapana tena tsara mikasika izay zavatra mbola ho avy.

Naharesy ny tafika kelin'i Gideona satria araky ny voalaza dia "samy nijanona teo amin'ny fitoerany avy [izy ireo]."⁸

Ity "fitantanan'ny fotoam-pahafenoana"⁹ ity dia niantomboka tamin'ny fisehoan'ny Ray sy ny